## NY TENY FIAINANA

*Fa ilay malahelo kosa tsy nanana na inona na inona afa-tsy zanak'ondry vavy kely iray monja izay novidiny; ary nokolokoloiny tsara io ka nitombo teo aminy sy ny zanany; fa tamin'ny hanin-kelin-dralehilahy no nihinanany, ary tamin'ny kapoakany no nisotroany, sady notrotroiny teo an-tratrany izy ka nataony toy ny zananivavy.*

***II Samoela 12 : 3***

### Fiba Africa Regional Youth Camp Madagascar 2022

# Andro farany hiatrehana azy anio alakamisy



Mpandray anjara tamin'ny "Fiba Africa Regional Youth Camp Madagascar 2022".

Andro farany hiatrehan'ireo tanora Afrikana voatsongo, handray anjara amin'ny hetsika "Fiba Africa Regional Youth Camp Madagascar 2022" azy anio alakamisy 13 ôktôbra 2022. Marihana fa tamin'ny talata 11 ôktôbra 2022 tao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, no natao ny fanokafana tamin'ny fomba ôfisialy an'ity hetsika ity, izay nandraisan'Andriamatoa Jean Michel Ramaroson filohan'ny FMBB sy Aandriamatoa Franck TRAORE filohan' ny NBA Afrique ary Ramatoa Rosa Rakotozafy Talen'ny Jeneralin'ny Spaoro Malagasy anjara fitenenana tsirairay avy, ka ity farany no nanokatra izany tamin'ny fomba ôfisialy. Mpilalao zazavavy Malagasy miisa 12 sy mpilalao zazalahy Malagasy miisa 06, ary mpanazatra Malgasy miisa 05, no misolotena an'i Madagasikara amin'ity hetsika ity. Ilay teratany Marokana Naoufal Uariachi « instructeur FIBA », no nitarika ny « Camp » tamin' ny ankapobeny, ka ny votoatiny nanaovana azy dia ny ho fampiroboroboana ny taranja basikety aty Afrika, ka hahazoan' ireo tanora Afrikana mivelatra eo amin'ny fanaovany an'ity taranja ity. Ireo mpanazatra nanaraka ny « Camp » kosa dia nampihàtra avy hatrany izay norantovin'izy ireo tamin' ny fitarihana an'ireo tanora niatrika lalao maromaro tao amin'ity hetsika ity, ka hampita izany manerana an'i Madagasikara avy eo. Ny teo anivon'ny mpitantana basikety amin' ireo firenena 19 nandray anjara tamin'ity "Fiba Africa Regional Youth Camp Madagascar 2022" kosa dia hampihàtra ihany koa ny fampiroboroboana ny taranja basikety ao amin' ny tany niaviany avy. Marihana fa tanora nahatratra 45 no niatrika an'ity «camp » teto Madagasikara ity. Any Sénégal ny "Fiba Africa Regional Youth Camp 2022" manaraka, izay ho tontosaina amin'ny 18 ka hatramin'ny 20 ôktôbra 2022 ho avy izao ary handraisana Malagasy 3 anjara dia ny Coach Ankoay U18 teo aloha, Razazarohavana Malalatiana, sy ireo mpilalao andriambavilanitra miisa 2 : Rakotonanahary Joanie Anyssa sy Ramahatra Taratriniaina Muriel Erica.

**Rainilita**

### Kick Boxing tompondakan'i Madagasikara

# Hahatratra 160 ireo mpandray anjara

Araka ny nambaran'Andriamatoa Rakoto Harifetra Mino, mpikarakara ny hetsika tamin'ny mpanao gazety dia fantatra hahatratra 160 isa, ireo mpikatroka handray anjara amin'ny fifaninanam-pirenen'ny kick boxing ": Championnat de Madagascar 2022", ho tontosaina etsy amin'ny "Palais des Sports Mahamasina" amin'ny 15 sy 16 ôktôbra 2022 ho avy izao. Tsy maintsy hatomboka amin'ny 8 ora maraina tsy diso ny ady voalohany amin'ity fifaninanana ity, hoy izy, amin'ny andro voalohany sabotsy 15 ôktôbra 2022. Marihana fa ligin'ny kick boxing miisa 13 no hanana solontena hiatrika an'ity "Championnat" ity.

**Rainilita**



Kick Boxing Malagasy.

### Ligue des champions Malagasy D-2 Nationale

# Hilalao ao an-kianjany ny Relais Sport amin'ny zoma



Ny ekipan'ny Relais Sport Matsiatra Ambony.

Ho tontosaina any amin' ny kianja Barikadimy Toamasina, sy any amin'ny kianja Maoderin'Ampasambazaha Fianarantsoa, ny andro voalohany (J-1) amin'ny dingana faha-2 ny fifaninanana baolina kitra "Ligue des champions Malagasy – D-2 Nationale", ka ny ekipan'ny Relais Sport (Matsiatra Ambony) no hilalao ao an-kianjany amin'izany. Ireo fandaharan-dalao hatrehana : Vondrona A – Toamasina 10:00-Tsara Mandroso Form° (Boeny) # Fc Ridwane (Analanjirofo), 12:30-Fc Zoara (Vakinankaratra) # Disciples Fc (Analamanga), 15:00-Asa (Diana) # As St Pierre (Alaotra Mangoro). Vondrona B – Fianarantsoa 10:00-Fc Menarandra ( Androy) # Fc Real (Menabe), 12:30-Cf Tfc (Analamanga II) # Relais Sport (Matsiatra Ambony), 15:00-Fc Zanagasy (V7V) # As Comato (Atsimo Andrefana).

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby ritra sy tongolobe** indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fanasitranana sy fisorohana ny lalan-drà tsy ho tapaka na ho tsentsina



Fomba natoraly fanasitranana sy fisorohana ny lalan-drà tsy ho tapaka na ho tsentsina, sy ho fiarovana amin'ny fiakaran'ny tosi-drà indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

ZAVATRA-ILAINA
- Tongolo gasy 4.
- Sakamalaho lehibe iray.
- Voasary makirana 4.
- Rano 2 litatra.

FIKARAKARANA AZY
- Sasana madio tsara ny voasary makirana ary silahina zaraina efatra
- Voasana ny tongolo gasy sy ny sakamalaho ary totoina ho potika tsara.
- Manaraka izany dia arotsaka ao anaty vilany izany rehetra izany ary asiana rano roa litatra.
- Ampangotrahina mandritra ny 10 min.
- Avy eo, avela hangatsiaka tsara ary esorina ny faikany dia azonao atao ao anaty tavoahangy ny ranony ary azo tehirizina ao anaty vata fampangatsiahana.

FIHINANANA AZY
- Misotro iray vera alohan'ny sakafo maraina.
- Tsara koa ny misotro izany adiny 2 ora alohan'ny hatory.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Longozabe any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Longozabe any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Longozabe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 9 mandrafitra ny distrikan'Anosibe An'Ala. Vokatra any ny vary, ny voankazo isan-karazany toy ny akondro, ny manga, ny letchi, ny longoza. Vokatra any Longozabe koa ny haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, ny katsaka.

